


Androany 1 Novambra 2017 dia nodimandry ny namana sy zoky mpanao gazety Jean Félicien Ratefy, rehefa nivahiny 73 taona teto amin'ity tany fandalovana ity. Ao an-tranony, ao amin'ny Foiben'ny *"Ecole de Musique Ratefy"* eo atsinanan'ny FJKM Ankadifotsy ny razana... Ho entina ao amin'ny EKAR Antanimena ny Zoma 03 Novambra 2017, amin'ny 12 ora sy sasany, mialoha ny hitondrana azy any Merimandroso-Ivato...

Maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakavian'i Jean Félicien Ratefy ny mpanao gazety ato aminy madagate.org

**Jeannot Ramambazafy**

Ity ny Tantarany nalaina ta amin'ny bokikelin'ny CJD (*"Club des Journalistes Doyens"*): ***"Fantaro ireo Mpanao Gazety Zokiolona"***
***.***

Teraka ny taona 1944 tany Manjakandriana I Jean Félicien Ratefy .

**Nahatontosa ny sampan'asa rehetra ao amin'ny Radio sy Télévision Malagasy**.

**1964**: Nanao concours hidirana ho *technicien* tao amin'ny RNM Anosy

**1968**: Niaraka tamin'ireo mpanorina ny Televizion malagasy voalohany teny Antaninarenina. Ankoatry ny maha-mpandray feo ( *soundman*) dia *cameraman* malagasy voahohany nampian'ireo frantsay koa izy. Nanao sary hoso-doko hatao *fond de cadre* raha hiseho télé ny *speakrine*

. Nanao fandaharana *reportage* koa izy, AINA VAO momba ny asa nataon'ny mpianatra St Joseph Mahamasina nankany Ambatomanoina, niasa niaraka tamin'ny tantsaha sy ny *107è Compagnie Service Civique*. Izy no nitarika ny *Chorale AKON'I IARIVO* avy tao Antanimena tamin'ny fandaharana Krismasy voalohany 1968 atao hoe FARIBOLAN'NY ANKIZY, ary mpianany vitsivitsy milalao piano.

**1974**: *Affecté* tao amin'ny *Discothèque* RNM tao Anosy izy.

**1975**: Nangataka hiasa any Mahajanga izy ka dia niofana ho *chef de Centre* teny amin'ny Emetteurs teny Fenoarivo. Nandritra ny folo taona niandrasany teny dia nandray anjara tamin'ny fanorenana *centre émetteurs* maro amin'ny faritany izy.

**1985**: Niverina tao Anosy izy nanao *animateur d'antenne* sy *producteur* ka nanatontosa fandaharana efatra isan-kerinandro amin'ny teny malagasy sy teny frantsay: famakafakana momban'ny mozika musicologie tao amin'ny chaîne 1, SEHATRA *sociomusicologie* fihaonana, MIKALOA RY TANIKO *grapho ethno musicologie* ny karazan-kira iarahana amin'ny mpanakanto, tao amin'ny chaîne 2, CHANTE MA VALIHA, ary KALEIDOSCOPE ny vaovao ara-kolontsaina.

**1991**: Grève National. Nanangana ny SAARM, *Syndicat Autonome des Agents de Radio de Madagascar* izy, nifampirahahara tamin'ny Praiminisitra Guy Willy RAZANAMASY ary namerina ny mpiasa sy ny RNM tao Anosy rehefa noroahan'ny MMSM ho eny an-dalambe ny mpiasa.

**1993**: Nangataka hiasa ao amin'ny sampana *"Journal parlé"* izy, ary dia tsy navela hanao izany tao amin'ny CH 1, amin'ny teny Malagasy, fa ny CH frantsay ihany.

**Septembra 2003**: Natao Talen'ny RNM izy raha mba hikasa hamita 40 ans tamin'izany asany izany.

**Eo amin'ny sehatry ny Mozika.**

**1953**: Nanomboka ho mpitendry *orgue* niaraka tamindrainy tao Antanimena ST Fr. Xavier.

**1954**: Nianatra tao amin'ny Ecole Provinciale de Musique de Tananarive.

**1959**: Nanorina ny Chorale AKON'NY IARIVO niaraka amin'ny mpiray tampo aminy.

**1964**: nanomboka ny fiainana *professionnelle* eo amin'ny radio sy ny fampianarana mozika.

**1974**: mpampianatra tao amin'ny CNEM (*"Centre National d'Éducation Musicale"*).

**1978:** Nanangana ny sekoly CMR na *Cours de Musique Ratefy* ao Ankadifotsy hatramin'izao, izay nanandrana ny fifaninanana tany amin'ny CONCOURS PANAFRICAIN 95 de musique tao Afrique du Sud, nanomboka ihany koa tany amin'ny CNR de La Réunion ny Concours PIAN'AUSTRAL 98 izay nitohy isan-taona.

**1999**: Nanangana ny CONCOURS de LA VILLE DES MILLES, niaraka tamin'ny CUA. Tao Ambohitsorohitra ny andininy voalohany no notontosaina tamin'io taona io. avy eo dia natsangany ny fikambanan'ny API, *"Les Amis du Piano"* niaraka tamin'i Mireille Mialy Rakotomalala, mpitendry piano fanta-daza maneran-tany, mikaroka momba ny mozika ary ministry ny Kolontsaina sy ny Serasera teo aloha.

**2002**: *Consultant* nalefan'ny ministera hanampy ny mpianatra any Seychelles hiatrika ny fanadinana ABRSM na *Associated Board of the Royal Schools of Music*. Izay efa tafajoro ihany koa eto amintsika eritaona taty aoriana ka misy ny taranja *Solfège* ary ny *pratique* .Tsy fifaninanana akory io fa dingana hitsapana ny fahaizana aorian'ny fianarana mozika nianarana ( *"examen"* )

**2003**: Fiofanana tany amin'ny ACADEMIE INTERNATIONAL D'ETE DE NICE.

**Eo amin'ny lafiny Sosialy**: vao tafiditra erin-taona tao amin'ny RNM dia nanorina ny AMTRAM, Amicale des Techniciens de Radio de Madagascar.

**1970**: Nanorina ny KAM, Koperativan'ny Artiste Malagasy.

**1990**: Namorona ny SYMPROMU, Syndicat des Professeurs de Musique.


**1991**: SAARM, Syndicat Autonome des Agents de Radio de Madagascar. Solontenan'ny FFS, Fiaraha-miasan'ny Foibe Sendikaly tao amin'ny Departemanta Politikan'ny Hery Velona Rasalama. Sekretera Jeneralin'ny Syndicat FMM Antananarivo…

**Momban'ny fiofanana** :

**1987**: momba ny COOPEC, Coopérative d'Epargne et de Crédit, nataon'ny Coopération Afro-Américain du travail, tany Maurice.

**1989**: Information au sein des organisations Syndicales, sur le BIT et OIT tany Guinée Konakry.

**1992**: momban'ny CEE/ACP –PAS tany amin'ny CGT/FO tany Frantsa.



**FILAZANA MANJO**

Sitrak'Andriamanitra ny niantsoany ny mpanompony :

**RATEFY Jean Félicien**

***Mpiasan'ny RNM nisotro ronono***
***Mpanorina ny Cours de Musique Ratefy***

Hody any aminy ny talata 31 oktobra 2017 rehefa nivahiny 73 taona teto an-tany rehefa nahazo ny Sakramenta farany fanomen'ny Eglizy ny zanany.

Hoy

**Ny zanany :** Ratefinanahary Tony sy Mirana
Ratefiarison Tommy sy Tahina
Ramaroson Seta sy Carol
Andriananja Thierry sy Anna
Ratefinanahary Julie
Rabetokotany Cathie

**Ny zafikeliny:** Kanty, Tohy , By , Cristéa, Jade, Mélanie, Mégane, Roel, Rachel, Noah, Maïlys, Grace, Hope, Tyanah, Gaëlle

**Ny iray tampo aminy:**
Terak'It/vavy Ralisoa Thérèse
Terak'It/vavy Razanatefy Marie-Ange
Andrianaivo Jean de Dieu sy Laurence sy ny zanaka aman-jafiny
Ratefy Anselme sy Clémence sy ny zanaka aman-jafiny
Razafindramiandra Gilbert sy Odette sy ny zanaka aman-jafiny

**Ny iray tampo amin'ny vadiny**
Mme Veuve Randriambololona Solange sy ny zanaka aman-jafiny
Terak'It/vavy Rasoamiaramanana Voahangy
Terak'It/vavy Rasoamiaramanana Claudine
Rasoamiaramanana Sylvain sy Noeline sy ny zanany

Ny havana avy amin'ny rainy
Ny havana avy amin'ny reniny
Ny fianakaviana manontolo
Ny CMR sy ny CNEMD
Ny ASPAE
Ny holafitry ny mpanao gazety zokiolona (CJD)
Ny fokontany Ankadifotsy Antanifotsy
Ny EKAR Md François Xavier Antanimena
Ny Polyclinique des Sœurs Ankadifotsy
Ny CCC ESCA
Ny EKAR Merimandroso
Ny FJKM Merimandroso
Ny EKAR Ambohibemasoandro

Ny nofony dia hiala ao amin'ny tranony, **IVK 52 Ankadifotsy**, ny **zoma 3 novembre 2017 amin'ny 11h30** ary ho entina hisaorana an'Andriamanitra ao amin'ny **EKAR St. Fr Xavier Antanimena** amin'ny **12h30**, alohan'ny hametrahana azy eny amin'ny fasan-drazany eny Merimandroso Ivato.

*Mba tsofy rano tsara re! 'Ty mpivahiny ity e! Fa lavitra ny lalana,*
*Ka mila ny tso-drano aho, Hanambina ny diako*
**Tsy misy fiaretan-tory.**